# Fanabeazana ara-bola

## Sehatry ny rano, fanadiovana, fidiovana



BOKY MPAMPIOFANA

# LASI-PIOFANANA

## Fanabeazana ara-bola

### Sehatry ny rano, fanadiovana, fidiovana



# TENY FANOLORANA



*Ny famolavolana ity lasi-piofanana ity dia miainga amin'ny finiavan'ny Tetikasa Rural Access to New Opportunites of Water, Sanitation and Hygiene (RANOWASH) hampahalala, hanatsara sy hampaharitra ny asa fitandroana ny zo fototra sy fisitrahana feno ny tolotra rano, fahadiovana sy fidiovana. Io tetikasa io dia tanterahin'ny CARE, CRS, WATERAID, BUSHPROOF ary SANDANDRANO. Ny Governemanta amerikana no mamatsy vola azy amin'ny alalan'ny USAID-Madagascar.*

*Misehatra amin'ny kaominina miisa 250 manerana ny faritra 7 eto Madagasikara (Vatovavy, Fitovinany, Alaotra Mangoro, Atsinanana, Vakinankaratra, Amoron'i Mania, Matsiatra Ambony) ny Tetikasa ary maharitra enina taona (2017 - 2023). Mikendry ny hisitrahan'ny olona rehetra ny tolotra rano, fahadiovana ary Fidiovana lovainjafy mba hanatsara ny fahasalamana, ny fiahiana ara-tsakafo ary ny fitandroana ny tontolo iainana ny tetikasa RANOWASH.*

*Ity lasi-piofanana ity dia anisan'ireo lasi-piofanana miisa 11 notanterahin'ny tetikasa ary nohavaozina nandritra ny volana Aogositra ka hatramin'ny Oktobra 2021. Ahitana lohahevitra isan-karazany mifamatotra amin'ireo tanjona stratejika telo : (i) fanamafisana ny fitantanana sy ny fanaraha-maso ny rano, fahadiovana sy fidiovana; (ii) fampitomboana ny fandraisan'anjaran'ireo sehatra tsy miankina amin'ny fanomezana ireo tolotra rano, fahadiovana sy fidiovana; (iii) fanafainganana ny fanatanterahana fitondran-tena ara-pahasalamana sy ny fampiasana io tolotra io. Omena lanja manokana koa ny miralenta ahafahan'ny rehetra misitraka sy mandray andraikitra amin'ny fahazoana tolotra rano, fahadiovana ary fidiovana*

*Ity lasi-piofanana ity dia fitaovana enti-mampiofana ahitana ny boky ho an'ny mpampiofana ary boky ho an'ny mpiofana ary tahirin-kevitra samihafa azo ampiasain'ireo mpampiofana sy mpanatanteraka tetikasa ampiasaina. Novolavolaina izao lasi-piofanana izao hahafahana manaparitaka ny fomba fiasa mahomby, ireo dingana sy fomba fiasa ara-teknika mahomby, mitsinjo ny faharetan'ny zava-bita.*

*Tolorana fisaorana sy fankasitrahana feno ireo mpiara-miasa, mpiantsehatra sy mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola nanolotanana tamin'ny fahavitan'izao famolavolana izao lasim-piofanana izao.*

# FIRAFITRY NY BOKY FAMPIOFANANA

Ity lasim-piofanana ity dia ahafahana manjohy sy manombana ireo voaray rehetra eo am-pidirana, mandritra sy amin'ny fiafaran'ny fiofanana, ahitana ny Boky ho an'ny Mpampiofana sy Boky ho an'ny Mpiofana.

Votoatin'ny lasim-piofanana dia ahitana ny :

## Ho an'ny Bokin'ny Mpampiofana :

- Fintina isaky ny fotokevitra (module) : maneho ny tanjona, ny votoatiny, ny faharetany.
- Famelabelarana ny fandaharam-piofanana : ahitana ny fivoaran'ny fampiofanana, fomba fampiofanana, ny lesona, ny fampiharana isaky ny lohahevitra.
- Fomba fampitàna ny fiofanana : maneho ireo fomba, teknika sy hetsika isan-karazany, hampitàna ny fiofanana.
- Pejy fitaratra : raha mampiasa "videoprojecteur" dia misy ireo pejy fitaratra entina maneho sy mamintina ny votoatin'ny fiofanana ho an'ny mpiofana.

## Ho an'ny Bokin'ny Mpiofana :

- Fintina isaky ny fotokevitra (module)  : maneho ny tanjona, ny votoatiny, ny faharetany.
- Famelabelarana ny votoatin'ny fiofanana : ahitana ny misy ireo pejy fitaratra entina maneho sy mamintina ny votoatin'ny fiofanana ho an'ny mpiofana, ireo voambolana tsara ho tadidy, ireo fampiharana isan-karazany izay manaraka ny fizotry ny fiofanana anatin'ny bokin'ny mpampiofana.

# FINTINA MOMBA NY FOTOKEVITRY NY FIOFANANA

## Fampidirana

Ny Fiofanana mahakasika ny Fanabeazana ara-bola dia natao hanan'ny olon-dehibe sy ny tanora fahazarana sy toetra tsara mikasika ny fitantanana ara-bola, indrindra fa ny fanaovana teti-bola, ny tahiry, ny fahaizana manapa-kevitra matotra kokoa ny amin'ny fitatanam-bola. Ny fahaizana mitantana dia manampy amin'ny fisitrahana ny tolotra rano, fanadiovana sy fidiovana, tsara sy maharitra.

## Tanjona ankapobeny

Ny tanjon'ny fiofanana dia hampiseho ny fomba handrindrana sy hitantanana ny vola ao an-tokantrano.

## Mpiofana

Ireo mpiofana handrasana hanaraka ity fiofanana ity olon-dehibe sy tanora eo an-toerana ka hanatsara ny fahazoana rano madio, fanadiovana sy fidiovana.

## Mpampiofana

Ny mpampiofana dia ireo teknisianina mahafehy ny fitantanam-bola ary manana traik'efa fitantanana sy fanabeazana ara-bola.

## Fomba fampitàna ny fiofanana

Amin'ny ankapobeny, ny fomba fampiofanana dia mampiasa ny :

- Fomba fampiofanana olondehibe, manome lanja ny fandraisan'izy ireo anjara feno amin'ny fanovozana ny fanamafisana ny fahaiza-manao, ny traikefa, ny fanatanterahana ny fiofanana mifanaraka amin'ny zava-misy eny ifotony, indrindra ny fampiharana.
- Fanamorana : Ny mampiofana dia manana sata mpanamora mba hitarika ny mpiofana hanaraka ny fanovam-pitondran-tena tiana hotratrarina ary mandrisika ny fandraisana anjara mandritra ny fiofanana.

## Tombana


Ny tomban'ny fiofanana dia atao amin’ny alalan’ny :

1. Fanangonana ireo tiana handrasana eny am-panomboana ny fiofanana sy fanamarinana ny fahatratrarana izany amin’ny fiafarany
2. Fanokanana fotoana fametrahana fanontaniana sy fitondrana valiny arahina fampandraisana anjara mavitrika ny mpiofana
3. Fanombanana arahina fanolorana ny vokatra isan’andro
4. Fanombanana amin’ny fiafaran’ny fiofanana.

## Fitaovana ilaina

Ireo fampitaovana ilaina hanatanterahana ny fiofanana :

- Toerana hiofanana
- Fitaovam-pampitana toy ny videoprojecteur, solosaina
- Boky ho an’ny Mpampiofana sy Mpiofana
- Fisy isankarazany
- Taratasy lehibe fanoratana
- Taratasy fotsy
- Taratasy madinika maroloko na Cartes Visualisation pour Programmes participatifs (VIPP)
- Fitaovana isan-karazany (hety, penina, kahie, sns.)
- Fisy isan-karazany.



# FINTIN'NY LOHAHEVITRA

| Andiany | Lohahevitra | Faharetany (minitra) |
| --- | --- | --- |
| Fampidirana ny fiofanana | 1. Fandraisana ny mpiofana<br>2. Fandaminana<br>3. Andrasana amin'ny fiofanana<br>4. Fanehoana ny votoatin'ny fiofanana | 45 min |
| Fizarana 1<br>Tetibola | Tetibola 1 : Mandrafitra ny tetiandron'ny fidiram-bola sy ny fandaniana | 45 min |
| | Tetibola 3 : Manaova tetibola | 45 min |
| Fizarana 2<br>Tahiry | Tahiry 1 : Inona izany, fa maninona no manao tahiry? | 80 min |
| | Tahiry 2 : Manaova tahiry ho an'ny vonjy taitra | 65 min |
| Fizarana 3<br>Findramam-bola | Findramam-bola 1 : Volako sy volan'ny hafa | 45 min |
| | Findramam-bola 2 : Tolotra findramam-bola ety amin'ny Faritra | 45 min |
| | Findramam-bola 3 : Ohatrinona ny fetran'ny trosa azonao atao? | 60 min |
| Fizarana 4<br>Tolotra ara-bola | Tolotra ara-bola : Tolotra sy filàna | 50 min |
| Tombana | | 75 min |
| **Totaly** | | **555 min** |

# FIZOTRY NY FAMPIOFANANA

# FAMPIDIRANA NY FIOFANANA

## Tanjona

Aorian'ity andiany ity, ny mpiofana dia :

- Mifankahalala sy mifanakalo hevitra sy traikefa mandritra ny fiofanana
- Tompon’andraikitra amin’ny fizotry ny fiofanana ary mandray anjara.

## Faharetany

45 minitra

## Fanomanana / Fitaovana

- Taratasy lehibe fanoratana
- Pejy fitaratra

## Fomba fampiofanana

- Lalao tantara
- Tosakevitra



## 1. Fandraisana ny mpiofana sy fanalaana ny elanelana

Mandray ny mpandray anjara ny mpampiofana.

- Manolotra ny teny fandraisana ny mpandray anjara
- Mifankafantatra ny mpandray anjara ary mametraka ny fifampitokisana mandritra ny fiofanana sy manala ny elanelana
- Fampahafantarana ny votoatiny sy ny fandaminana ny fiofanana
- Fifampizarana ny andraikitra eo amin'ny samy mpiofana ahafahana mametraka fiofanana milamina ; mampiatra ny fomba fiasa « AILE » isam-bondrona.
  - A : Animation na Fanentanana
  - I : Information na Fizarana vaovao
  - L : Logistique na Fanomanana ny trano fiofanana
  - E : Evaluation na Tombana ».

Ohatra momba ny fizarana vondrona mpandray andraikitra :

Misy modely atolotra eto ambany :

| Asa | 18/10/2021 | 19/10/2021 | 20/10/2021 |
|---|---|---|---|
| Animation | 1 | 2 | 3 |
| Information | 2 | 3 | 4 |
| Logistique | 3 | 4 | 1 |
| Evaluation | 4 | 1 | 2 |

Vondrona 1 : Auguste – Fara – Ramino – Fiantso
Vondrona 2 : Miora – Faniry – Léon – Donat
Vondrona 3 : Myriam – Fanilo – Fanja – Roberto
Vondrona 4 : Pierette – Mosa – Roméo – Doria

Fampiharana

10 min

Mandray ny mpiofana sy manao ny teny fampiarahabana sy fampidirana ny mampiofana.

Mametraka ny fifandraisana tsy misy elanelana eo amin'ny mpandray anjara. Afaka mampiatra ny traikefany ny mampiofana, na manentana ny mpandray anjara hanao ny "brise-glace".

Indro misy fomba azo arahina.
Manao boribory ny mpandray anjara, mandroso tsirairy eo ampovoany araka izay fomba fandeha tiany. Manolotra ny tenany, izay tiany sy tsy tiany, ary mamerina indray ilay fomba fandeha ary manantona sy manondro ny mpiofana hafa hanolotra ny tenany.

Fampiharana

10 min

Zaraina amin'ny mpandray anjara ireo asa handrindrana ny fiofanana, toy ny fanentanana, fizarana vaovao, fanomanana ny trano, tombana. Misy vondrona 4 araka izany ary miova isan'andro.

## 2. Mametraka ireo fitsipika hifampitondrana

Soritana ireo fitsipika fitondra-tena sy fiarahana mandritra ny fiofanana hisian'ny filaminana sy fandrindrana ny fiofanana

Fampiharana

10 min

Rehefa hametraka ny fitsipika fifampitondrana dia :

1. Miantso solontena antsitrapo mandray soratra ny voalazan'ny mpandray anjara tsirairay eny amin'ny taratasy lehibe fanoratana
2. Lazaina ny mpanoratra hanoratra lehibe ho hita tsara, 3 metatra avy lavitra, faritana isaky ny karazana fitsipika
3. Manentana ny mpandray anjara hanolotra ny fitsipika momba ny : ora, fitsipika hifampifehezana.

# 3. Filazana ny tiana handrasana

Asaina milaza ny tiana handrasana ny mpandray anjara tsirairay rehefa voalaza ny fampidirana ny lohahevitry ny fiofanana.

Fampiharana

10 min

1. Mizara karatra VIPP iray isaky ny mpiofana
2. Asaina manoratra ny tiany handrasana ny mpiofana mahakasika ny lohahevitra
3. Apetaka amin'ny taratasy lehibe na rindrina ary hatambatra izay mitovy
4. Asaina mamaky ny mpiofana.

# 4. Fanamorana sy tombana mandritra ny fiofanana

i) Fanentanana

- Ny fanentanana dia tanterahin'ny vondrona voafidy hiandraikitra izany, ahafahana manetsiketsika mandritra ny fiofanana ary manampy amin'ny fifantohana.
- Raha ilaina dia asiana fanentanana isaky ny andininy.

ii) Famintinana isaky ny andiany ataon'ny mpampiofanana arahina fanontaniana sy arahim-baliny avy amin'ny mpiofana
Asaina manome ny voambolana tsara ho tadidy na mots clé ny mpiofana.

iii) Tombana
Atao ny tombana isan'andro rehefa tapitra ny andro iray.

- Misy fisy ampiasaina amin'ny tombana isan'andro, izay fintinina sy atolotry ny mpiofana ny ampitso
- Hatsaraina ny fiofanana araky ny fanamarihana ary homena valiny ireo fanontaniana na ireo manjavozavo.
- Tombana farany any amin'ny fiafaran'ny fiofanana.

# 5. Fanolorana ny votoatin'ny fiofanana


Atolotry ny mpampiofana ny fintina (résumé) momba ny votoatin'ny fiofanana :

- Lohahevitra
- Tanjona
- Mpiofana
- Votoatiny
- Faharetany
- Fomba fiofanana
- Fitaovana hampiasaina
- Mpampiofana sy mpandray anjara hafa (ohatra, vahiny).

Fampiharana

5 min

Manolotra ny firafitry ny fiofanana amin'ny ankapobeny ny mpampiofana.



# FIZARANA I



## Lohahevitra Tetibola I

## MANDRAFITRA NY TETI-ANDRON'NY FIDIRAM-BOLA SY NY FANDANIANA

## Tanjona

Aorian'ity taranja ity, ny mpandray anjara dia afaka :

1. Miresaka ny fampidirana ny tetibola : ampiasao am-pahendrena ny volanao
2. Mamakafaka ireo sakana ara-bola ao an-trano
3. Mamaritra ny tanjona ara-bola sy ny lalàna arahina hatratrarana izany
4. Mahafantatra ny dafitra ara-bola sy ny tombontsoa haterak'izany.

## Faharetany

80 minitra

## Fiomanana / Fitaovana

Tantara fohy :

- Ireo fidiram-bolan'i Herman sy Asmine
- Ny tetiandron'i Herman sy Asmine

## Fampiofanana

1. Hazavao ny dikan'ny tetiandron'ny fidiram-bola sy ny fandaniana (10 minitra)
2. Fakafakao ny tantaran'i Herman sy Asmine vadiny (25 minitra)
3. Mandrafitra ny tetiandron'i Herman sy Asmine (45 minitra)

## Fampidirana ny fampiofanana fanabeazana ara-bola

Lazao hoe :

Tonga soa eto amin’ny fiofanana mikasika ny fanabeazana ara-bola ianareo, izay mampiseho ny fomba handrindrana sy hitantanana ny volanareo. Hianaranareo eto ny fametrahana ny tanjona ara-bola, ny fanaovana teti-bola ny fomba fanarahana maso ny fampiasana ny vola mba hahatsara ny fanapaha-kevitrareo. Ireto ny lohahevitra horesahintsika mba hatongavana amin’izany :

1. Mametraka ireo tanjona ara-bola
2. Manara-maso ny fitantanana ny vola
3. Mamaritra ny maha zava-dehibe ny vola
4. Manao teti-bola
5. Manapa-kevitra amin’ny vola holaniana
6. Mijanona amin’ny fetran’ny teti-bolanao.


## 1. Hazavao ny dikan'ny tetiandron'ny fidiram-bola sy ny fandaniana

Hazavao amin'ny mpandray anjara ny hoe :

Maro amintsika tantsaha mpamokatra sy mpanangom-bokatra no tena mahazo vola rehefa tonga amin’ny fotoana fiakaran’ny vokatra. Ireo fidiram-bola azo tamin’ny fivarotana ny vokatra dia tonga amin’ny fotoana tsy voafaritra fa kosa isaky ny miakatra ny vokatra sy mivarotra azy. Ireo fidiram-bola ireo dia voalaza hoe tsy voafaritra.

Isaky ny hidiram-bola ny tokantrano iray ka rehefa fidiram-bola tsy voafaritra izany dia tokony mametraka Tahiry isaky ny azo atao ka io vola natao tahiry io no vola fiandry entina hampiasaina rehefa tonga ny fotoan’ny maitso ahitra.

Rehefa mahafehy ny tetiandron’ny fidiram-bola tsy voafaritra sy ny fandaniam-bola isika dia azontsika atao tsara ny miaina sy mampiasa ny volantsika tsy amim-piahiahiana.




## 2. Fakafakao ny tantaran'i Asmine sy ny vadiny

Atolory ny lohahevitra vaovao. Lazao :

Na aiza na aiza, ny olona rehetra dia miasa mba ahazoany ny vola sahaza azy ahafahany miatrika ireo fandaniana andavan'andro, mba hanefany ireo trosany, hampandehanany ny orinasany, hanampy azy amin'ny filàna ho avy mikasika ny tranony, handoavana ny saram-pianarana sy ny mariazin'ny zanany ary hitsinjovany ny fahanterany. Matetika dia tsy ampy ny vola entina hanatanterahana ireo tanjona rehetra ireo.

Mba hahatsotra ny fampitàna, raha mahay mamaky teny sy manoratra ireo mpandray anjara, dia zarao ny tantara, angataho ny tsirairay hamaky ilay tantara miaraka amin'ny izay eo ankavanany ka hamaly ireto fanontaniana ireto. 5 mn

Afaka 5 minitra, asaina mizara ny heviny ny mpandray anjara. Mamintina ny mampiofana.

Tantarao ny tantaran'i Herman sy Asmine :

Ny toe-bolan'i Herman sy Asmine

Herman sy Asmine dia tsy maintsy mandany vola amin'ny sakafo, fitafiana ary ny fikojakojana ny trano. Mbola mamerina trosa koa ry zareo izay vola nindraminy tamin'ny ivon-toerana mpampidram-bola (IMF) sy mandoa tsikelikely ny vidin'entana nalainy tany amin'ny mpivarotra.

Maniry ny hanolo ny tafo-tranony izay efa harafesina izy ireo alohan'ny fahavaratra, hanambady tsy ho ela koa ny zanany lahy matoa. Ny zanany roa hafa izay mianatra eny amin'ny ambaratonga faharoa koa mbola handoavana saram-pianarana. Tsy maintsy mivezivezy koa zareo noho ny adidy amin'ny fianakaviana sy ny asa amandraharahany. Herman sy Asmine dia mahafantatra tsara fa tsy maintsy misy ny tampoka eo amin'ny fiainana toy ny fianakaviana marary, ny fitaovana simba tsy maintsy hamboarina.

Apetraho ny fanontaniana hoe :

» Inona avy ireo teritery na sakana ara-bola hiainan'i Herman sy Asmine ? Nahoana ?

Valiny andrasana :
[Tsy maintsy manatanteraka ny filàny an-davanandro sy manao tahiry mba ahafahany misoroka ireo teritery ara-bola izy ireo. Mety ho sarotra anefa izany raha toa ka tsy ampy ny vola eo an-tanany. Ny fandoavana trosa dia zava-dehibe mba ahafahany mindrana amin'ny manaraka. Mety hitera-doza ihany koa raha tsy asiana fanamboarana ny trano. Tsy maintsy karakaraina ny fianaran'ny zanany, manampy an'ireo zanany amin'ny fanorenany ny tokatranony. Sarotra anefa ny mitady vola hanomanana ireo tsy ampoizina mety hitranga.]

Fintino ny hevitr'izy ireo ka lazao hoe:
Angataho ireo mpandray anjara mba hiady hevitra tsiroaroa sy hifanakalo hevitra mikasika ity fanontaniana ity :

» Inona avy ireo teritery na sakana ara-bola hiainan'ny olona ety an-toerana?

[Ny aretina no miteraka fandaniana tampoka; ny tsy fahombiazana amin'ny asa fihariana dia mahatonga ny fihenan'ny vola miditra sy miteraka ny fahasarotana eo amin'ny famerenana ny vola nindramina; mandany vola be koa ny mikarakara mariazin'ny zanaka ; ny fandaniana amin'ny fahafatesana dia maharitra izay nangonina.]

Afaka 5 minitra, asaina mizara ny heviny ny mpandray anjara. Mamintina ny mampiofana.

## 3. Apetraho sy farito ny tanjona ara-bola ary asio ady hevitra sy tantara ny mahakasika ny drafitra ara-bola

Asaina mitodika any amin'ireo mpandray anjara akaiky azy ny mpiofana ka manome ny valin'ireto fanontaniana ireto, ary miady hevitra. Omena 5 minitra hanome ny valiny. Asaina misy solontena manao ny fintina.

» Inona avy ireo tanjonao mba hananana ho avy mamiratra?

Valiny handrasana :

- Mampianatra zanaka
- Manatsara ny trano fonenana
- Mampitombo ny fidiram-bola
- Manatsara ny fari-piainana
- Mampihena ny trosa/miezaka tsy mitrosa
- Manitatra ny fihariana/na ny orinasa
- Misoroka ny aretina mety ahazo ny fianakaviana, sns.

» Inona no tokony ataonao mba hahatratrarana ireo tanjona ireo?

Valiny handrasana :

- Mitahiry vola bebe kokoa
- Miasa mafy sy misimisy kokoa
- Manefa ny trosa, sns.

» Inona no nataon' i Herman sy Asmine mba hatratrarana ireo tanjona ireo?

Mba hatratrarana ireo tanjona, Herman sy Asmine dia :

- Nikajy ny fitambaran'ny vola miditra sy lany
- Namaritra ny fandaniany mba hanomanany ireo tanjona
- Nandray fanapaha-kevitra amin'ny mari-bola ho hangoniny sy ny fandoavana ireo trosa ary ny famatsiana vola ny asa sy orinasany
- Nanapa-kevitra amin'ny fotoana hanatanterahany izany rehetra izany.

Izany no antsoina hoe drafitra ara-bola.

## Inona no atao hoe drafitra ara-bola ?

Ny drafitra ara-bola dia fitaovana iray manampy anao hanapa-kevitra amin'ny fomba ahazoana vola misimisy kokoa sy ny fomba ampiasàna izany mba hatratraranao ny tanjona.

Apetraho ny fanontaniana hoe :

### » Nahoana no ilainao sy ny ankohonanao ny drafitra ara-bola ?

Alaivo daholo ny valin-teny rehetra, ary mariho manokana raha toa ka voalaza ireto :

- Manampy amin'ny famaritana izay laharam-pahamehana ara-bola
- Manampy amin'ny fifehezan-tena amin'ny fandaniam-bola sy mampirisika amin'ny fanangonam-bola
- Manampy hiala amin'ny tsy fahampiana ara-bola tampoka
- Manampy amin'ny fiatrehana ny ahiahy ara-bola.

Resaho miaraka amin'izay eo akaikinao ity fanontaniana ity :

### » Inona no azonao atao mba hametrahana tanjona sy ny drafitra ara-bolanao ?

Mametraka tanjona amin'ny ho avy, manapa-kevitra amin'ny vola tokony hiditra sy izay hampiasaiko izany mba hanaovako tahiry ary ny hanampiako ny vola miasa amin'ny fihariana mba hatratrarana ny tanjona.

Mangataha solontena haneho ny heviny. Hankasitraho izy ireo.

# FIZARANA I




## Lohahevitra Tetibola I
## MANAOVA TETIBOLA

## Tanjona

Aorian'ity taranja ity, ny mpandray anjara dia afaka :

1. Manoritra ireo dingana arahaina amin'ny fanaovana tetibola
2. Manao tetibola
3. Manome toro-hevitra mba hanajàna ny tetibola
4. Mahafantatra zava-baovao ny amin'ny fanaovana tetibola sy hizara izany amin'ny fianakaviany.

## Faharetany

45 minitra

## Fiomanana / Fitaovana

Manapa-kevitra amin'ny fomba fampitàna fiofanana mifanaraka amin'ny fari-pahalalàn'ny mpiofana ary manomana ny fitaovana ilaina.

Vondrona mahay mamaky teny sy manoratra :

- Fisy : "Dingana fananganana tetibola"  (Asa ho an'ny vondron'olona 5)
- Fitaovana fikajoana isaky ny mpiofana
- Tahirin-kevitra
  Dingana :
  >> Taratasy hiasana momba ny tetibola
  >> Taratasy hiasana ny vola miditra sy mivoaka tsy voafaritra ho an'ny mpandray anjara rehetra

Vondrona tsy mahay mamaky teny sy manoratra tsara :

- Tantara :
  Dingana 1 : Aïcha manao tetibola
- Tahiri-kevitra :
  Dingana 2 : Tetiandron'ny tetibola
- Fitaovana madinika eny an-toerana toy ny tsaramaso, vatokely, sns.

## Fampiofanana

1. Hazavao ireo dingana fanaovana tetibola (15 minitra)
2. Manaova teti-bola (30 minitra)

## 1. Hazavao ireo dingana fandrafetana tetibola

Lazao amin'ny mpandray anjara hoe :
Tsara raha mahafantatra ny dingana fanaovana tetibola isika.

Ho an'ny vondrona mahay mamaky teny sy manoratra

**Fisin'ny dingana famoronana tetibola**

| | | |
|---|---|---|
| Manaova jeri-todika amin'ny tanjona ara-bola napetrakao | Tombano ireo vola miditra sy ny loharanom-bolanao | Manaova lisitr'ireo fandaniana sy izay vola mifanaraka amin'izany |
| Hamarino tsy hihoatra ny vola miditra ny fandanianao | Tapaho izay tokony atao tahiry | Jereo indray izay tena ilaina sy ny fanitsiana tokony atao |

## 2. Manaova tetibola

Ho an'ny vondrona mahay mamaky teny sy manoratra.
Zarao ny taratasy (Feuille de travail du budget).

# Manao tetibola

| | Volana 1 | Volana 2 | Volana 3 |
|---|---|---|---|
| FIDIRAM-BOLA   | | | |
| FANDANIANA | | | |
| Asa fihariana  | | | |
| Tokantrano   | | | |
| Famerenam-bola   | | | |
| Tahiry | | | |

## Fidiram-bola (vola miditra)

1. Ao amin'ny taratasy ampiasaina amin'ny tetibola, farito ireo loharanom-bola raisinao. Ny fidiram-bola sasany dia raisina isam-bolana raha ny fidiram-bola hafa indray dia raisina isaky ny varotra natao.

2.. Tombano ireo fidiram-bola efa fantatra isam-bolana miainga amin'ny loharanony avy dia soraty ao amin'ny an-dalana ao anaty tsanganana sahaza azy eo amin'ilay taratasy. Mety hisy amin'ireo fidiram-bolanao tsy voafaritra mialoha no betsaka ny lelavola azo indraindray. Mba hikajiana ireo tsy voafaritra ireo isam-bolana, ohatrinona ny vola azonao mandritra ny taona iray dia zarao 12 io lelavola io avy eo (jereo ny ohatra eo ambany) ampiasao ny taratasy (vola miditra sy mivoaka tsy voafaritra) ho an'io kajy io.

## Fandaniam-bola tsy voafaritra

| Fidiram-bola | Isany nahazoana azy | Mitentina (Ariary) | Mitentina isan-taona | Fidiram-bola isam-bolana (zaraina 12 isan-taona) |
|---|---|---|---|---|
| ... | 2 | 1) 100 000<br>2) 20 000 | 240 000 | 20 000 |
| Varotr'omby | 1 | 120 000 | 120 000 | 10 000 |

3. Atambaro ireo totalin'ny vola miditra isam-bolana

Mitety ireo mpiofana ny mpampiofana ary manampy ireo mila toro-hevitra.

## Fandaniana

4.Soraty amin'ny taratasy tetibola ireo karazana fandaniana ataonao : ny fanefana trosa, filàna fototra, ny tsy voatery, sns.

5.Tombano isan-tsokajiny ireo fandaniana isam-bolana. Misy amin'ireo fandaniana ireo no tsy hefaina raha tsy indray mandeha isan-taona, na koa isaky ny telo volana. Raha sendra ireo fandaniana tsy voafaritra ianao dia ilaina noho izany ny mitsinjara ny totaliny amin'ny isan'ny volana nanaovanao ny tetibolanao. Mba hikajiana ny totalin'ny fandaniana tsy voafaritra isam-bolana dia atao ny totalin'ny fandaniana herintaona ka avy eo zaraina 12 (jereo ny ohatra eo ambany).

## Fandaniam-bola tsy voafaritra

| Fandaniana | Isany fanefana efa vita | Vola aloha isaky ny manefa (Ariary) | Sarany isan-taona | Sarany isan-taona (zaraina 12 isan-taona) |
|---|---|---|---|---|
| Saram-pianarana | 2 | 60 000 | 120 000 | 10 000 |
| Fety | 1 | 30 000 | 30 000 | 25 000 |
| Saram-pidirana | 3 | 4 000 | 12 000 | 1 000 |

6. Atambaro amin'ny taratasy ampiasaina amin'ny teti-bola ireo totalim-pandaniana.

Ampitahao amin'ireo fidiram-bola ireo fandaniam-bola.

7.Isam-bolana, hangalao ireo totalin'ny fandaniana rehetra ny totalin'ny vola miditra.

Hanontanio ny mpiofana hoe :

» Inona no tokony atao raha miabo ilay tarehi-marika ? [Hampitomboina ny tahiry, hefao ny trosa]

» Inona no tokony atao raha miiba ny tarehi-marika?
[Hahenao ny fandaniana, mitadiava hevitra mba ahazoana vola bebe kokoa mandrapaha-voafehy ireo fandaniana.]

Hamarino fa tokony ho hita ao anatin'ny tetibolanao ny vola eritreretina atao tahiry isam-bolana.

Lazao ny mpiofana :

Hamarino fa tokony ho hita ao anatin'ny tetibolanao ny vola eritreretina atao tahiry isam-bolana.



# FIZARANA 2




## Lohahevitra Tahiry 1

## INONA NY TAHIRY, FA MANINONA MANAO TAHIRY?

## Tanjona

Aorian'ity taranja ity, ny mpandray anjara dia afaka :

1. Mahafantantra ny dikany hoe TAHIRY
2. Ny tena tanjona hiaviana
3. Ny tetika ahafahana miatrika ny fahasarotana.

## Faharetany

80 minitra

## Fiomanana / Fitaovana

- Taratasy fotsy ho an'ny tsirairay
- Taratasy maventy hampiasaina amin'ny fampiharana
- Tahirin-kevitra

>> Dingana 1 : Inona no atao hoe tahiry

>> Dingana 2 : Taratasy maventy misy lohateny : "Ny sakana amin'ny fanaovana tahiry"

>> Dingana 3 : Torolalana amin'ny fanadihadiana ny tranga amin'ny tokantrano iray

- Penina fanoratana
- Taratasy lehibe fanoratana.

## Fampiofanana

1. Ataovy ny fampidirana ny lohahevitra Tahiry (5 minitra)
2. Omeo ny famaritana ny Tahiry, hampahafantaro ny antony hanaovana izany (30 minitra)
3. Mamorona tranga iray amin'ny fianakaviana iray (30 minitra)
4. Fantaro ireo sakana amin'ny fanatanterahana ny tahiry (15 minitra).

# Ataovy ny fampidirana ny lohahevitra tahiry

Teneno hoe :

Tonga soa eto amin’ny fiofanana ny fanabeazana ara-bola izay mahakasika ny tahiry. Hiaraka eto isika mba hahafahana manatsara ny fitahirizan’ny tsirairay. Ireto no horesahintsika amin’izany :

1. Tahiry : inona moa izany, inona no antony hanaovana izany?
2. Mametraka tanjona ho tahiry
3. Mampitombo ny tahiry
4. Mitahiry ho an'ny vonjy taitra
5. Misafidy ny fomba fitahirizana
6. Mampitaha ireo sampan-draharaha fitahirizana
7. Misivana sy misokajy ireo tolotra tahiry
8. Mihaona amin’ny piraiki-draharaha fitahirizana
9. Manomana drafitra .

# 1. Farito ny tahiry sy antony hitahirizana

Apetraho amin'ny vondrona ny fanontaniana hoe :

### » Inona ny atao hoe Tahiry ?

Henoy ny valiteny avy eo asehoy ny taratasy lehibe sady lazao tsikelikely ny fanazavana ny hevitra tsirairay.

- Vola na ambim-bola hampirimina mba hampiasaina amin’ny ho avy (andro hafa).
- Vola natokana hividianana firavaka, biby fiompy na tany izay hamidy rehefa misy ilaina vola amin’ny andro hafa.
- Fomba fanangonana fanaka na harena na fananana.
- Endrika iray manan-danja eo amin’ny fitantanana vola

### » Omeo antony telo mahatonga ny olona hanao tahiry

Soraty ny hevitrao ary ataovy sora-baventy mba ho hitan’ny rehetra.

Rehefa samy nahavita ireo mpandray anjara dia asaivo hapetany eny amin’ny rindrina ireo valiteny.

Raha toa ka tsy mahay mamaky teny sy manoratra ireo mpiofana dia asaivo asehony an-tsary tsotsotra ireo heviny na koa asaivo tononiny dia soraty.

Matetika toy izao ny valiny azo :

- Aretina na tsy fahasalamana
- Fanambadiana na mariazy
- Fahafatesana na fahoriana
- Fahanterana
- Fividianana kojakoja ao an-trano
- Fanaovana vakansy na fitsidian-toerana
- Tampoka na vodiandro merika (maitso ahitra na asara)
- Trano
- Fahita lavitra
- Vata fampangatsiahana
- Moto
- Fianarana
- Fanatsarana trano
- Hananganana orinasa
- Firavaka na zavatra manan-danja
- Fiterahana
- Fahasoavana
- Loka
- Fanomezana
- Fety na fifaliagna, tsaboraha, haravoana.

Avy eo, teneno :

Ndao hojerentsika izay hevitra mitovy.
Angony ireo fisy na tahiry ao anaty vondrona iray mitovy, araka ny soso-kevitry ny mpiofana.

Hanontanio hoe : Inona no anarana omentsika ireto sokajy ireto ?

Ampio ireo mpandray anjara amin'ny anarana fisokajiana ireo karazana tahiry.

| Ho avy nomanina | Fandaniana tsy azo atao | Fanangonana harena |
|---|---|---|
| • Mariazy, fanambadiana<br>• Fianarana<br>• Fiterahana<br>• Fahanterana<br>• Fety, fifaliana<br>• Maitso ahitra, asara | • Vakansy<br>• Fanatsarana trano<br>• Firavaka sarobidy<br>• Loka, fanomezana | • Trano<br>• Bisikileta<br>• Moto<br>• Fiara<br>• Varotra, Tsena, Orinasa |

Ny olona tsirairay na fianakaviana dia samy manana ny fomba fitahiriny. Amin'ny fiainana dia ny tahiry no ahafahana miatrika ny tsy ampoizina, manomana ny vina sy manatanteraka hetaheta ary manangona harena. Ahafahana ihany koa manao ny rendrarendra sy izay mety mahafinaritra amin'ny fiainana. Nefa, na dia eo aza ireo tombontsoa ireo dia mbola maro ireo olona tsy manao Tahiry.

## 2. Mamorona tranga ao amin'ny ankohonana iray

Hazavao toy izao :
Hamorona tokantrano iray ianareo mba atao ohatra amin'ny ity fiofanana momba ny tahiry ity.

Zarao ho vondrona 5 ireo mpandray anjara. Omeo isam-bondrona ny seho hitranga ao an-tokantranony (araka ny lisitra etsy ambany), sy taratasy ary penina.

- Mpivady izay tsy miara-miaina amin'ny zanany efa lehibe
- Tanora vao nahavita mariazy ka hanorona tokantrano
- Vehivavy maty vady ka hiara-miaina amin'ny zanany efatra
- Mpivady miaraka amin'ny zanany mbola mpitovo miaina amin'ny toerana be tondra-drano
- Mpivady manan-janaka vavy 3. Ramose mikarama isam-bolana, ramatoa miasa-tena.

Torolalana amin'ny sarisary tokantrano (Vakio mafy)

Samy omena torolalana ny vondrona tsirairay hamoronana ny tokantranony, ka sorito ara-tsary ny ao anatiny fianakaviana. Ataovy akaikin'ny faribolana ny toetoetran'ny tsirairay ao anatin'ny tokantrano.
Araho araka ireto :

- Taona
- Asa atao (mikarakara tokantrano, miasa tena, mikarama, mianatra, sns.)
- Tanjona sy vina (amin'ny fotoana fohy sy maharitra).

Ho any fianakavianareo, farito :

- Ny fetra sy ny endrika fidiram-bola (isan'andro, herinandro, misy fotoanany)
- Ny endriky ny toerana fonenana (tafo sy ny riban-trano)
- Ny fanagnana misy an-trano.

Ataovy an-tsary ireo soritra ny vola ireo, ny trano sy fananana.

Hazavao :

Manana 10 minitra ianareo hanaovana izany. Ny ohatra horaisinareo dia mety ho tsotsotra noho ny zava-misy marina. Entintsika hamantarana ny sakana eo amin'ny fanaovana ny tahiry ireo fianakaviana ireo sy izay mety ho soso-kevitra ahafahana mamaha ny olana. Azontsika ampiarina amin'ny fianantsika ireo lesona ireo.

Asaivo miverina ireo vondrona ka omeo 3 minitra izy ireo hampisehoany ny tokantrano noforoniny.

Hanontanio ny mpandray anjara :

» Inona no tamin'ireny fianakaviana ireny no misy hitovizana amin'ny tokantranonareo tsirairay ?

Rehefa nahazo valiteny maromaro dia, teneno hoe:

Na dia noforonintsika aza ireny fianakaviana teo ireny, rehefa hita soritra ny tanjona amin'ny tahiry sy ny sakana tsy ahafahana manatanteraka izany, hiezaka isika tsirairay hiatrika sy hitondra vahaolana amin'ny fianakaviantsika.

## 3. Fantaro ny sakana amin'ny fanaovana tahiry

Hanontanio :

» Inona ny antony mahasarotra ny mitahiry vola ?

Soraty eo amin'ny takelaka ny valiteny. Tadidio ny valiteny izay nomen'ireo mpandray anjara.

**SAKANA amin'ny TAHIRY**

Omeo fotoana kely ny vondrona hifampiresahany mikasika izay sedrainy rehefa mba miezaka manao tahiry izy. Hangataho ny solontena ho eny aloha mba hizara izany.

Lazao hoe :

Hita fa tena tsy mora tokoa ny lalana diavina rehefa hanao tahiry.
Mila fihafiana be izany, indrindra rehefa kely ny vola eo am-pelatanana. Mila mahafoy zavatra manan-danja mihitsy koa aza indraindray.
Mila fifehezan-tena izany ny fanaovana Tahiry.

Hanontanio hoe :

» Inona no tokony hatao entina hamahana ireo sakana ireo ?

Hangataho ny solontena mba hizara ny heviny. Aza adino ny miresaka ireto fitsipika roa mampahomby ny tahiry :

**Fitsipika mahomby**
**Ahenao ny fandaniana !**
**Miezaha mitahiry na kely aza isan'andro na isan-kerinandro !**

Hazavao fa ny fiofanana mikasika ny tahiry dia mampianatra antsika hiatrika ny olana izay voatanisatsika teo.

# FIZARANA 2




## Lohahevitra Tahiry 2

## MANAOVA TAHIRY HO AN'NY VONJY TAITRA?

## Tanjona

Aorian'ity taranja ity, ny mpandray anjara dia afaka :

1. Mitanisa ny karazana vonjy taitra sy ny fiantraikany na vokany
2. Manao fanazarana miatrika ny vonjy taitra sy ny vola mety ilaina amin'izany
3. Manoritra ny fomba fiatrehany ny vonjy taitra
4. Mampiditra ny vonjy taitra ao anatin'ny vola hatao tahiry.

## Faharetany

65 minitra

## Fiomanana / Fitaovana

- Dingana 1 : Zaraina tsanganana roa ny taratasy : ny ilany asiana ny karazana fandaniana tampoka sy maika ary ny ilany asiana ny vokatr'izay fandaniana izay
- Dingana 2 :

>> Ohatrinona ny tahiry tokony ho hataonao mba hahafa-hanao miatrika izay fandaniana tampoka sy maika izay ?

>> Fidiram-bolnan'ny fianakavian'ny Saïda

>> Zarao tsanganana roa ny taratasy : ny ilany asiana soratra "olana", ny ilany asiana "torohevitra"

- Penina fanoratana
- Taratasy lehibe fanoratana.

## Fampiofanana

1. Mitanisà karazana vonjy taitra sy ny fiantraikany na vokany (15 minitra)
2. Fantaro ny vola ilaina hiatrehana ny tampoka (30 minitra)
3. Ahoana ny atao mba hitantanana ny vola ho an'ny vonjy taitra (10 minitra)
4. Ataovy ao anaty tahiry ny vonjy taitra (10 minitra)

## 1. Mitanisà Karazana vonjy taitra sy ny fiantraikany na vokany

Hazavao ny hoe :

Anisan'ny maha zava-dehibe ny fanaovana tahiry dia mba hiatrehana ny vonjy maika sy ireo fandaniana tampoka tsy maintsy atao. Ndao ary samy handinika izay mety ho tampoka sy vonjy maika mipoitra amin'ny fiainantsika.

Soratana ny hevitra mivoitra. Avy eo hanontaniana :

» Araka ny fandinihana, inona no mety tena maika ka miteraka vesatra ara-bola amin'ny fiainanao ?

Farito ireo maika voatanisa. Aza misafidy mihoatra ny 5 na 6. Lazao :
Samia miverina mandray ny vondrona misy anareo indray, ka ireto misy fanontaniana hiarahanareo midinika :

» Raha ho an'ny fianakaviana, inona no mety fandaniana tampoka hisy ao anatin'ny taona iray?

» Inona no fiantraikan'izany eo anivon'ny tokantranonareo ?

Omeo 5 minitra ny vondrona hiasa. Mandritra izany, apetaho ny taratasy lehibe misy ny "vonjy taitra" sy ny "vokany". Hanontanio ny vondrona amin'ny valim-panontaniana ary misy solontena manoratra.

| Karazana tampoka | Vokany |
|---|---|
| | |
| | |

Rehefa vita, lazao izao fintina izao :

Ny tampoka dia midika vola mivoaka ho an'ny tokantrano. Mety ho taratasy fividianana fanafody avy amin'ny dokotera na faktiora avy amin'ny hôpitaly, fanarenana izay simba aorian'ny rivodoza, famerenana entana nisy nangalatra,, fanefana trosa rehefa avy niditra fatiantoka ny asa natao. Raha toa ka tsy afaka miasa ny loham-pianakaviana taorian'ny nitrangan'ny voina, dia mitombo ny vola lany.

## 2. Fantaro ny vola ilaina hiatrehana ny tampoka

Hapetraka amin'ny mpiofana izao fanontaniana izao :

### » Inona no azontsika atao mba hiatrehana ny vonjy taitra ?

Ny tokantrano tsirairay dia tokony hanana vola natokana (fonds de secours) ho an'ny tampoka mba entina hamonjena ny fandaniana madinika rehefa misy ny mahamaika. Io vola io nefa tsy natao sy tsy afaka hanamboarana trano na koa hitsaboana aretina sarotra sitranina.

Anisany manosika ny hanaovana tahiry (fonds de secours) ny fiatrehana ny tampoka ary ny fanavotana raha sendra ka matiantoka ianao amin'ny aferanao. Ity indray ary ny fitsipika arahina ho an'izany vola natokana ho an'ny tampoka iza

Ohatrinona ny vola hatokana ho an'ny vonjy taitra ?
Ny totalin'ny vola miditra ao anatin'ny taona iray, zaraina 12 dia ampitomboy 3, dia izay no ampirimo atao tahiry vonjy taitra.

Raha maro ny fianakaviana iray trano dia tokony hampirina ny antsakan'ny karama ho an'ny vonjy taitra.

Andao isika hanao fanazarana kely ho an'izay vola atokana ho an'ny Tahiry vonjy taitra izay.
Haseho ny vola miditra eo amin'ny fianakavian'i Saïda anatin'ny taona iray.

| Volan'ny tokantranon'i Saïda | |
|---|---|
| Volana 1 | Vola miditra |
| Janoary | 80 000 |
| Febroary | 80 000 |
| Marsa | 70 000 |
| Aprily | 130 000 |
| May | 130 000 |
| Jiona | 130 000 |
| Jolay | 170 000 |
| Aogositra | 170 000 |
| Septambra | 140 000 |
| Oktobra | 140 000 |

| Volan'ny tokantranon'i Saïda | |
|---|---|
| Volana 1 | Lelabola |
| Novambra | 110 000 |
| Desambra | 150 000 |
| Totaly | 1 500 000 |

» Ohatrinona ny vola tokony hatokan'i Saïda atao ho an'ny vonjy taitra ?

Hasehoy amin'ny taratasy fanoratana ny fomba fikajiana ny vola atao tahiry (fonds de secours).

Vola miditra anaty ny taona 1 zaraina 12 volana = vola antonony isam-bolana

1 500 000 Ar zaraina 12 fanjava = 125 000Ar In-3 ny karama antonony : 125 000 Ar x 3 = 375 000 Ar

Ny Fianakavian'i Saïda dia tokony hanana 375 000 Ar isan-taona hatokana ho an'ny vonjy taitra.

Asaina manao asam-bondrona 10 minitra ary asaina mizara ny asa vita. Ho an'ny vondrona misy anareo, samia mandinika ny vola hatokany ho an'ny vonjy maika ho an'ny fianakavianareo.
Ireto ny fanontaniana :

» Inona no mety ho sakana raha toa ka hanokana vola ho an'ny vonjy taitra ianareo ?

» Inona no vahaolana sy toro-hevitra atolotrao azy ?

Tanisaina amin'ny taratasy lehibe toy izao manaraka izao ny valiny.

| Sakana | Torohevitra |
|---|---|
| Zara raha misy vola hamelomako ny vady aman-janako sy mba hanatanterahako izay ilaina amin'ny fiainana | • Manomboha mitahiry tsikelikely isan'andro na isan-kerinandro, na dia 10 Ariary monja. Hitombo io vola io.<br>• Jereo ny fomba hampihenana ny fandaniana tsy dia ilaina |
| Rehefa mba manao tahiry aho, angatahin'ny vadiko ampiasaina foana izay mba tahiriko | Ampirimo amin'ny toerana azo antoka ny tahirinao, tsara kokoa raha ivelan'ny tokantrano mba tsy ho voakitika. Manokafa kaonty any amin'ny banky |
| Mivadibadika ny fidiram-bola | Tehirizo ny ambin'ny mihoatra rehefa mandray vola betsaka |
| Izay vola azo dia tapitra hanefana trosa | Manaova tetiandro hanefana ny trosa izay tena mavesatra |

## Tsarovy

Ny antony hanaovanao ny tahiry dia ho an'ny vonjy maika. Ny ankamaroantsika dia tsy mahay mitantana vola mba mba hamerenana ny fatiantoka, ohatra ny trano na ny fambolena

## 3. Ahoana no atao mba hitantanana ny vola ho an'ny vonjy taitra

Hazavao : Ilaina foana ny vola ho an'ny vonjy taitra na aiza na aiza. Mihena izany rehefa ampiasaina.

» Inona ny soso-kevitra haroso mba hisian'ny vola maromaro anaty vola ho an'ny vonjy taitra ?

Fintino ny hevitra ary lazao :

- Rehefa nangalanao ilay vola, dia ezaho soloina faran'izay haingana.
- Tapaho ohatrinona no ampiriminao isan'andro ho an'ny vonjy taitra, isan-kerinandro na isam-bolana dia hajao ny rafitra efa napetraka.

## 4. Ataovy ao anaty tahiry ny vonjy taitra

Asaina manao asam-bondrona manoy ny teo aloha ary mandinika izao fanontaniana izao :

» Inona no ovaina tamin'ny tanjona izay napetrakareo raha hitantsika ny vonjy taitra ?

Omeo 5 minitra handinihana ny tanjona ary hitondrana fanovàna. Asaina manao famintinana ny solontena 2 na 3.

Farano ny amin'ny hoe :

**Raha miomana ho an'ny vonjy taitra ianareo, dia mora kokoa ny manatanteraka tanjona hafa izay tianao ho tratrarina. Afaka tsy kitihina koa ny tahiry izay natao ho an'ny tanjona hafa toy ny fianarana sy fanatsarana ny trano fonenana. Mety afaka tsy manao trosa mavesatra koa ianao.**

# FIZARANA 3




## Lohahevitra Findramam-bola 1

## VOLAKO SY VOLAN'NY HAFA

## Tanjona

Aorian'ity taranja ity, ny mpandray anjara dia afaka :

1. Mahay mamaritra ny atao hoe « Findramam-bola »
2. Mahafantatra ireo antony lehibe hindramam-bola
3. Mamakafaka ireo andraikitr'ireo mpindram-bola
4. Mahay manavaka ny volan'ny tena manokana sy ny vola nindramina.

## Faharetany

45 minitra

## Fiomanana / Fitaovana

- Dingana 1 :

  >> Fisy Fanakambanan-teny ho entina mamaritra ny atao hoe « Findramam-bola »

  >> Fisy « Ireo antony lehibe hindramam-bola »

- Dingana 2 : Fisy kely 2 miloko samihafa ary samy misy soratra « 10 000 Ariary »
- Penina fanoratana
- Taratasy lehibe fanoratana.

## Fampiofanana

1. Fampidirana amin'ny alalan'ny fampisehona tantara fohy (5 minitra)
2. Tari-dresaka mikasika ny atao hoe « Findramam-bola » ary fijerena ny anton'ny hindramam-bola (10 minitra)
3. Inona avy ireo andraikitry ny mpindram-bola (10 minitra)
4. Inona no maha-samihafa ny volan'ny tena manokana sy ny vola nindramina (20 minitra).

## 1. Fampidirana amin'ny alalan'ny fampisehona tantara fohy

Arahabao ny mpandray anjara rehetra tonga manatrika ny fiofanana, ary lazao fohy ireo lohateny lehibe hisesy amin'ity fiofanana mikasika ny Findramam-bola ity.

Tongasoa isika mpandray anjara amin'ity fiofanana mikasika ny Findramam-bola ity. Hiaraka hijery sy hifampizara isika hoe ahoana daholo ny hampahomby antsika rehefa mindram-bola.
Ireto manaraka ireto avy ireo lohateny ao anatin'ity fiofanana ity :

1. Ny volako sy ny volan'ny hafa na findramam-bola : inona no maha-samihafa azy
2. Ny trosa tsara/ny trosa ratsy na mampidi-kizo
3. Ireo tolotra findramam-bola misy eto amin'ny faritra
4. Ohatrinona ny fetran'ny trosa azonao atao?
5. Ny zava-doza hateraky ny tsy fanefana trosa natao.

Androany isika dia hanomboka hanavaka ny volan'ny tena manokana sy ny volan'ny hafa, na Findramam-bola izany.

Manaova fampisehona tantara fohy : ianao dia maka ny toeran'ny olona iray hindram-bola eny amin'ny banky na mikrofinansa iray ary eny amin'ny mpampajana-bola iray.

Mba mangataka amintsika mpandray anjara olona roa afaka hanampy ahy hampiseho tantara fohy. Ny iray aminareo haka ny toeran'ny mpandray olona eny amin'ny banky na mikrofinansa, ary ny iray kosa haka ny toeran'ny mpampajana-bola.

Omeo fisy iray avy ireo mpandray anjara roa ireo, fisy kely misy soratra mazava hoe « 10 000 Ariary ».

Manome ilay 10 000 Ariary ilay mpandray olona eny amin'ny banky na mikrofinansa ka ampisehoy amin'ny rehetra fa faly ianao nahazo io vola io.

Ary rehefa tonga eo amin'ilay mpampajana-bola  dia teneno izy hoe : Azafady zokibe fa mila 10 000 Ariary. Tena maika no hilako io !

Manome ilay 10 000 Ariary ilay mpampajana-bola ka ampisehoy fa sady faly ihany no sahirana nahazo io vola io.

Tazomy amin'ny tanana roa ireo fisy kely mampiseho vola, ary apetraho ito fanontaniana ito :

Inona no maha-samihafa ity 10 000 Ariary ity sy ity 10 000 Ariary ankilany eto ? [Ny 10 000 ariary voalohany dia tahiriko madiodio ; ny 10 000 ariary hafa dia vola nindramina tamin-dra mpampajana-bola.Tsy maintsy haverina io vola io, ary rehefa averina dia miampy ny zana-bola].

## 2. Tari-dresaka mikasika ny atao hoe "Findramam-bola" ary fijerena ny anton'ny hindramam-bola

Hazavao amin'ny mpandray anjara :

Hiaraka hanao kilalao fanakambanan-teny isika.
Manaova andrana voalohany amina teny iray fantatry ny rehetra. Misafidiana mpandray anjara 3 ary hanontanio azy hoe inona no hevitra tonga voalohany ao aminy rehefa milaza ity teny ity (ohatra : « lakozia », mamaly ny mpandray anjara telo hoe « vilany » na « sotro » na « fotsim-bary »). Rehefa azon-ny rehetra ny fitsipika, dia lazao hoe:

Izao indray isika dia hanao io fanazarana fanakambanan-teny io amin'ny teny hoe « Findramam-bola ». Hosoratako daholo ny valin-teninareo fa tsy misy diso na iray aza.

Rehefa avy nosoratanao ireo valin-teny rehetra, dia avereno vakiana mafy ho ren'ny rehetra ary hankasitraho ny mpandray anjara amin'ny hevitra rehetra azo.

Hangataho indray ny mpandray anjara hanakambana ireo valin-teny mifanojo na mifanakaiky ny heviny. Ohatra: misy valin-teny sasany mikasika ny fandaniana, sasany kosa mikasika ny fanatsarana tetikasa na asam-pihariana. Mampiasà loko samihafa hanakambanana ireo sokajim-balin-teny. Teneno hoe :

» Inona tamin'ireo valin-teninareo teo no mitovitovy ny sokajiny?

Avereno vakiana mafy ho ren'ny rehetra ny sokajim-balin-teny niaraha-nahita teo. Hanontanio ny mpandray anjara hoe :

» Amin'ny hevitra rehetra hitantsika miaraka eto, inona izany no atao hoe « Findramam-bola » ? Afaka misy mpandray anjara iray ve hanampy ahy : « Ny Findramam-bola dia _________________________ » ?

Ny famaritana ho azo farany eo dia hitovitovy amin'ity.

**Inona no atao hoe « Findramam-bola »?**
**Ny Findramam-bola dia vola hindramin'ny mpindram-bola mandritry ny fotoana voafetra. Aorian'ny fe-potoana nifanarahana, ny renivola dia tsy maintsy averina amin'ny tompony miaraka amin'ny fanefana ny zana-bola sy ny sarany rehetra izay nifanarahana tamin'ny fampiasana io vola nindramina io.**

Hanontanio amin'ny mpandray anjara hoe :

» Inona avy ireo anton'ny hindramam-bola ?

» Inona tamin'ireo antony 3 ireo no efa nindramanareo vola manokana teo aloha?

Mety hoe : hividianana masom-boly, sarakantsaha, adidy amin'ny fianakaviana, traboina tamin'ny fandalovan'ny rivo-doza farany, sns.

» Iza tamintsika mpandray anjara no efa saika nindram-bola tamin'ireo antony 3 rehetra ireo? Inona no mampitovy ireo antony 3 ireo? Inona no maha-samihafa azy ireo?

Avereno lazaina mafy ho ren'ny rehetra ireto karazam-balin-teny tokony ho azo ireto :

Ny Findramam-bola Fanohanana na Fanatevenana tetikasa na asam-pihariana dia hiteraka fidiram-bola fanampiny indray.

Ny Findramam-bola hamonjena hamehana na loza tampoka, na ny Findramam-bola hanampiana na hamenoana ny banga hividiana zavatra dia tsy hiteraka fidiram-bola fanampiny. Ireo vola nindramina ireo dia tsy maintsy hefaina indray. Tsaratsara isika mpandray anjara raha tsy mindram-bola noho ireo antony ireo.

## 3. Inona avy ireo andraikitry ny mpindram-bola?

Hangataho ny mpandray anjara hizara vondrona roa. Omeo 5 minitra ny mpandray anjara amin'ny fifanakalozan-kevitra.

» Inona no tsapanareo rehefa nampindram-bola ianareo tamin'olona ka tsy voaverina ilay vola? Inona no nataonareo?

» Inona indray no tsapanareo rehefa nindram-bola ianareo ka tsy voaverinareo ilay vola? Inona ny zava-nitranga?

Hangataho ny mpandray anjara vitsivitsy hizara amin'ny rehetra ny zavatra niseho rehefa nampindram-bola ianareo tamin'olona ka tsy voaverina ilay vola.

Hatambaro sy fintino ireo hevi-dehibe voalaza ary havereno indray ho ren'ny mpandray anjara rehetra.
Hanontanio ny mpandray anjara hoe:

» Rehefa mindrana zavatra na vola ny olona iray, inona no andraikiny?

Mety hoe : mamerina amin'ny fe-potoana nifanarahana ; manefa ny zana-bola, sns.

» Inona no miseho rehefa tsy mandray ny andraikitra tandrify azy ny mpindrana iray ?

Mety hoe : mamerina amin'ny fe-potoana nifanarahana ; manefa ny zana-bola, sns.

## 4. Inona no maha-samihafa ny volan'ny tena manokana sy ny vola nindramina?

Hazavao amin'ny mpandray anjara ny hoe :

Ny vola azo amin'ny Findramam-bola dia tsy mitovy amin'ny volanao madiodio nakajinao na ambim-bava tamin'ny vokatra azonao. Hamafisina amin'ny fanaovana kilalao ny fahazoana io famaritana io.

Isaky ny fehezan-teny omeko anareo, lazao amiko raha diso io na marina. Manaova fihetsika iray raha marina ny filazako, ary fihetsika iray hafa raha diso ny filazako.
Samy mijoro manao laharana mahitsy iray isika mpandray anjara, ary arakaraky ny halavana no hanaovantsika ny laharana.

Ho lazaiko mafy ireto fehezan-teny ireto, ary rehefa manome toro-marika aho dia ataonareo ilay fihetsika mampiseho fa marina io na mampiseho fa diso.

Androany isika dia __________ (teneno ny andro marina). MARINA
Ny lokon'ity trano ity dia________ (teneno ny loko diso). DISO
Ny lehilahy amin'ny ankapobeny no tena tokam-po. ? ? ? ? ?

Eny ary, aleo ataontsika amin'ny resaka findramam-bola indray ny kilalaontsika.

Fehezan-teny marina/diso

1. Ny vola nindramina dia fananan'ny mpindram-bola.
DISO.

2. Ny Findramam-bola dia hanampy anao hanatevenana ny tetikasanao rehefa tsy ampy ny eo am-pelatananao.
MARINA.

3. Rehefa nindram-bola ianao, ka tojon'ny faty antoka, dia tsy voatery haverina ny vola nindraminao.
DISO.

4. Raha sendra voaroba ianao ka lasan'ny jiolahy ny entam-barotra rehetra, dia tsy voatery haverina ny vola nindraminao.
DISO.

5. Moramora kokoa ny mampiasa ny volanao manokana hananganana ny tetikasanao noho ny findramam-bola.
MARINA.

6. Ny fahataràna amin'ny famerenam-bola dia tsy misy vokany raha toa ka hoefainao foana io amin'ny farany.
DISO.

7. Ny lelavola azo hindramina dia miankina amin'ny fidiram-bolan'ny mpindrana.
MARINA.

Teneno ny mpandray anjara hoe : Tena tsara be ny fandraisanareo anjara, tena hitanareo tsara ny maha-samihafa ny volan'ny tena sy ny findramam-bola.

Hanontanio indray ny mpandray anjara hoe :

» Inona tsara izany no maha-samihafa ny fampiasana ny volanareo manokana sy ny fampiasana ny vola nindramina raha eto amin'ny faritra misy antsika no resahina?

Ataovy ho voalaza tsara ireto hevitra manaraka ireto :

» Inona tsara izany no maha-samihafa ny fampiasana ny volanareo manokana sy ny fampiasana ny vola nindramina raha eto amin'ny faritra misy antsika no resahina?

- Misy sarany
- Miteraka andraikitra ho an'ny mpindrana, ao anatin'izany ny fanefana ny zanabola ary ny tsy maintsy hidirana ho mpikambana indraindray
- Malalaka kokoa ianao mampiasa ny volanao manokana
- Rehefa mindram-bola ianao, betsaka kokoa ny vola azonao ampiasaina noho ny mampiasa ny volanao manokana
- Ahafahana manodina sy mampiasa vola malaky kokoa noho ny miandry ny fiverenan'ny vokatra azo amin'ny volanao manokana.

Amin'ny famaranana, asaivo mieritreritra ny mpandray anjara tsirairay ny amin'ny voka-tsoa sy ny voka-dratsy amin'ny Findramam-bola. Hanontanio hoe :

» Araky ny hevitrareo, inona no tena vokatsoa hanaovana Findramam-bola ?

» Araky ny hevitrareo, inona kosa ny voka-dratsin'ny Findramam-bola?

Mety hoe : fampiasana vola betsaka kokoa nohon'ny misy eo am-pelatanana, famahana olana tampoka, tetikasa mila hajariana amin'ny fotoana fohy, sns.

Mety hoe : fanefana ny sarany sy ny zanabola, ny fidirana ao anatin'ny fikambanana, sns.

» Araky ny hevitrareo, inona no tena vokatsoa hanaovana Findramam-bola ?

# FIZARANA 3




## Lohahevitra Findramam-bola 2

## IREO TOLOTRA FINDRAMAM-BOLA ETO AMIN'NY FARITRA

## Tanjona

Aorian'ity taranja ity, ny mpandray anjara dia afaka :

1. Mahafantatra ireo tolotra findramam-bola misy eto amin'ny faritra
2. Milaza mazava ny zavatra ankasitrahany manokana sy ny zavatra tsy ankasitrahany amin'ny fikambanana na amin'ny ivo-toerana banky na mikrofinansa eto amin'ny faritra
3. Mametraka mazava ny lisitry ny zavatra tsy maintsy fantatra rehefa misafidy Findramam-bola.

## Faharetany

45 minitra

## Fiomanana / Fitaovana

- Dingana 1 : Fisy lehibe misy ny lohateny hoe « ny zavatra tsy maintsy fantatra rehefa mitady Findramam-bola ».
- Fitaovana toy ny voan-tsaramaso na vato na hafa (6-8 isan'olona)
- Taratasy lehibe fanoratana na Flipchart
- Penina lehibe.

## Fampiofanana

1. Manao fampidirana amin'ny fisafidianana fikambanana na ivo-toerana mpampindram-bola banky na mikrofinansa na hafa (20 minitra).

## 1. Fampidirana amin'ny fisafidianana fikambanana na ivon-toerana mpampindram-bola na banky na mikrofinansa na hafa eto amin'ny Faritra

Apetraho amin'ny mpandray anjara ireto fanontaniana ireto ary asaivo mitsangana eo amin'ny toerany avy izy raha toa ka marina ny valiny.

» Iza tamintsika no efa nindram-bola tamin'ny rahalahiny na anabaviny na namana akaiky na havana hafa?

» Iza tamintsika no efa nindram-bola tao anatin'ny VOAMAMI na fikambanana misy eo akaiky?

» Iza tamintsika no efa nindram-bola tamin'ny banky OTIV na banky hafa?

» Iza tamintsika no efa nindram-bola tamin'ny mpampajana-bola?

» Iza tamintsika no efa nindram-bola tamin'ny roa na telo na mihoatra ireo mpampindram-bola voalaza teo aloha ireo?

Lazao amin'ny mpandray anjara hoe :

Maromaro ireo mpampindram-bola afaka hindramantsika vola eto amin'ny faritra. Misy moramora kokoa ny manao fangatahana findramam-bola. Misy tena lafo ny saran'ny findramam-bola, ho an'ny hafa tsy maintsy miditra ho mpikambana ary manaraka ny fitsipika rehetra mifehy io fikambanana io raha toa ka hangataka findramam-bola ao. Misy tsy maintsy efa manana tahiry mialohan'ny hangatahana findramam-bola. io tahiry io no miantoka ny findramam-bola atao mandritry ny fe-potoana hifanarahana.

Lazao hoe :

Heritrereto daholo ireo mpampindram-bola rehetra efa rentsika na efa niara-niasa tamintsika, na misy antsika ankehitriny, ary lazao amiko mafy fa ho soratako eo amin'ny fisy. Tsy misy valin-teny diso io fa tena ilaina daholo ny hevitra rehetra avy amintsika.

Soraty ireo mpampindram-bola voatanisa, ary rehefa mihalany ny soso-kevitra dia lazao amin'ny mpandray anjara fa :

Jereo ireo anaran'ireo mpampindram-bola ary misafidiana 2 izay amin'ny heritreritrareo no tena azo antoka sy tena mahomby.

Asaivo manao tsanga-tanana ny mpandray anjara hisafidianana ny mpampindra-bola tena heritreretiny hoe azo antoka sy mahomby ho an-dry zareo. Raha toa ka sarotra ny manao tsanga-tanana ampahibe maso dia asaina mampiasa ny voan-tsaramaso na vato na hafa (6-8 isan'olona) hahafahan'ny mpandray anjara mifidy ny mpampindra-bola.

Rehefa vita ny tsanga-tanana na ny fifidianana, dia soraty eo amin'ny fisy lehibe ny valiny ary isaky ny tsanganana iray no hametrahana ny anaran'ilay mpampindram-bola.

## 3. Lisitry ny zavatra tsy maintsy fantatra rehefa misafidy Findramam-bola

Hanontanio hoe :

» Inona no tsy maintsy fantarina rehefa misafidy findramam-bola ? Ny tahan'ny zana-bola ve ? Ny karazana findramam-bola misy ve ? Ny toerana sy ny halavirana misy ny mpampindram-bola ve ?

Soraty eo amin'ny fisy lehibe ny zavatra tsy maintsy fantarina ary fenoy miandalana ilay fafana lehibe arakaraky ny valin-teny azo.

| | Mpampin-drambola 1 | Mpampin-drambola 2 | Mpampin-drambola 3 |
|---|---|---|---|
| Tahan'ny zana-bola | | | |
| Fahamoran'ny fikarakarana | | | |
| Karazana fampindramam-bola misy | | | |
| Toerana misy azy sy halavirany | | | |
| Fe-potoana famerenam-bola | | | |
| Tolotra ara-bola hafa mety misy : fandefasana na fandraisana vola amin'ny finday (mobile money) | | | |
| Fe-potoana fanampiny | | | |

Asaivo manao tsanga-tanana indray ny mpandray anjara hisafidianana ny zava-misy eo amin'ny mpampindra-bola ka tena mahafa-po ny mpandray anjara. Hazavao fa :

Hisafidy ny zavatra tena hankasitrahantsika isika raha mijery akaiky ireo mpampindram-bola « finalistes » ireo, ka ny tolotra omen-dry zareo mihitsy no hisafidianantsika indray izao. Amin'ny farany dia ho hitantsika hoe iza no manana ny tahan'ny zana-bola tena mahafa-po indrindra, iza no tena mora tokoa ny fikarakarana ny fangatahana eo aminy, sns.

Lazao amin'ny mpandray anjara rehetra indray ny valin'ny fisafidianana natao.

» Inona no tena nankasitrahantsika tamin'ireo tolotra ireo? Fa nahoana?

» Raha hatambatra ireo zavatra nankasitrahanareo manokana ka nahazo vato be indrindra, io ve no karazan'ny tolotra findramam-bola tena mety amintsika eto amin'ny Faritra ?

Hanontanio hoe :

» Inona avy ireo fanontaniana tsy maintsy hapetrakareo ary ho valiana rehefa hisafidy tolotra sy mpampindram-bola ?

- Inona avy ireo karazana findramam-bola azo atao?
- Inona avy ny fepetra na zavatra takiana mialoha?
- Misy tahiry tsy maintsy hapetraka ve?
- Firy ny tahan'ny zanabola?
- Inona avy ny sarany rehetra ho tataovana amiko?
- Hafiriana ny fotoana ilaina amin'ny fikarakarana ny fangatahana?
- Impiry aho no tsy maintsy mivezivezy vao tanteraka ny zavatra rehetra ilaina ho an'ny fikarakarana ny antontan-taratasy rehetra?

Ho famaranana ny fiofanana, omeo 3 minitra ny mpandray anjara hamaly ity fanontaniana ity ka tsiroaroa no mamaly izany.

» Inona no zavatra tena voarainao tamin'ny fiofanantsika androany ? Inona amin'izany hitantsika izany no afaka ho zarainao any an-tokantrano any?

Hangataho ny solontenan'ny mpandray anjara hizara amin'ny rehetra ny valin-teny. Omeo fisaorana sy fankasitrahana manokana ny tsirairay tamin'ny nahatontosana iny fiofanana iny.

# FIZARANA 4




## Lohahevitra Findramam-bola 3

## OHATRINONA NY FETRAN'NY TROSA AZONAO ATAO?

## Tanjona

Aorian'ity taranja ity, ny mpandray anjara dia afaka :

1. Mamantatra sy miara-nikajy ireo fidiram-bola sy fandaniana tao an-tokantrano ary ahafahana mahita ny ambim-bava izay ahafahan'ny mpivady manapa-kevitra amin'ny findramam-bola vaovao
2. Mikajy ny fetran'ny findramam-bola na trosa mbola azony atao raha ny fahafantarany ny fidiram-bolany sy ny fandaniany
3. Mifanakalo sy mifanome toro-hevitra mikasika ny fetran'ny trosa azon'ny olona iray atao.

## Faharetany

60 minitra

## Fiomanana / Fitaovana

- Dingana 1 : Taratasy lehibe ahitana fafana misy ny fidiram-bola sy ny fandaniana ao an-tokantrano
- Dingana 2 :

>> Fisy lehibe ahitana fafana mitondra ny lohateny hoe « Fidiram-bola sy fandanian'ny tokantranon'i Rosia »

>> Taratasy misy ny fafana fikajiana ny fidiram-bola sy ny fandaniana

- Fisy ahitana ny tarehimariky ny vola miditra sy ny fandaniana (ireo fisy misy ny tarehimarika ireo dia tokony ho hantonona ao anatin'ny fafana lehibe)
- Dingana 3 : Rosia sy Joseph

## Fampiofanana

1. Mamantatra ny fahafahan'ny mpindram-bola haka findramam-bola vaovao (25 minitra)
2. Mikajy ny fidiram-bola ary ny fandaniana mba ahafahan'ny tokantrano iray mahalala hoe ohatrinona ny trosa azony atao (25 minitra)
3. Mifanakalo sy mifanome toro-hevitra mikasika ny fetran'ny trosa azon'ny olona iray atao (10 minitra)

## 1. Mamantatra ny fahafahan'ny mpindram-bola haka findramam-bola vaovao

Hazavao amin'ny mpandray anjara hoe :

Tsy ny rehetra no mahalala fa tena mahampy ny vola eo am-pelantanana ahafahana miatrika ny fandaniana rehetra ao an-tokantrano, na ho amin'ny saram-pianaran'ny ankizy sy ho an'izay zavatra rehetra mila hefaina.

Maro koa no mikasa ny hanitatra ny tetikasa na asa-pihariana ataontsika nefa tsy tanteraka izany satria ny vola ho ampiasaina tsy ampy. Afaka miditra malalaka amin'ny findramam-bola isika fa saingy mila tena mailo ny amin'ny famerenam-bola tsy maintsy ho atao ao aoriana.

Raha toa ka tena tsy mindram-bola mihitsy ihany koa isika na tsy mampiasa amin'ny tokony ho izy ireo tolotra ara-bola misy, mety tsy hitombo velively ny tetikasa na asa-pihariana ataontsika. Raha be loatra koa ny trosa ataontsika, mety ho faty antoka koa isika satria maro loatra ny famerenam-bola tsy maintsy hefaina. Noho izany, tsy maintsy fantarina ny fetran'ny trosa na fampindramam-bola azontsika atao.

Ny tantaran'i Rosia sy Joseph dia afaka hakana lesona.

Vakio mafy ho ren'ny rehetra ity tantara fohy ity. Mandritry ny famakiana ny tantara, apetraho eo amin'ny fisy lehibe ny anaran'ny fidiram-bola sy ny lelavola mifanandrify azy. Ataovy toy izany koa ny amin'ny fandaniana.

Tantaran'i Rosia sy Joseph

Rosia sy Joseph vadiny dia manan-janaka 4. Rosia dia mpanjaitra ary Joseph mpiompy bengy. Ny zanany lahimatoa, Adama, dia efa feno 20 taona ary manana moto izay fataony taxi-moto. Ny zanak'izy ireo 3 kosa dia mbola mianatra any an-tsekoly.

Rosia dia mamerina vola isam-bola tamin'ny vola nindraminy azony tao amin'ny banky OTIV, nividianana milina fanjairana vaovao iray. Manefa vola in-3 izy sisa ka mitentina 10 000 Ariary izany famerenam-bola izany isaky ny faran'ny volana. Fa i Adama kosa dia mbola mamerim-bola 20 000 Ariary isam-bolana ka 10 volana sisa no tavela dia voahefany manontolo ny vola nividianany moto. Ankehitriny, miara-mandinika i Rosia sy Joseph vadiny raha afaka mbola hindram-bola indray zareo mba hividianany vata fampagatsiahana vaovao izay efa niriny efa hatriny ela. Tena marisika izy mivady hividy io vata fampagatsiahana io satria misy fihenam-bidy tena goavana izao.

Rosia efa tena maika amin'io fividianana vata fampagatsiahana io satria raha toa ka afaka mitahiry sakafo betsaka kokoa izy dia tsy ho lany fotoana miantsena isan'andro ka tsy ho lany andro be intsony amin'ny fikarakarana ny ao an-tokantrano. Fa afaka hanao izany ve ry Rosia sy Joseph? Toy izao avy ny fidiram-bolany sy ny fandaniana ao an- tokantrano.

Rosia dia mampiditra 180 000 Ariary isam-bolana. Rehefa voahefa ny fandaniana rehetra ao an-tokantrano (famerenana findramam-bola, hofan-trano, sakafo, saram-pianarana, jiro), dia matetika 20 000 Ariary no tavela atao tahiry na hanaovany zavatra tiana ho azy na ho an'ny zanany.

Adama dia mahazo 200 000 Ariary amin'ny fanaovany taxi-moto ary rehefa avy manefa ny fandaniany izy dia manana 40 000 Ariary mipetraka. Mbola manome 10 000 Ariary ho fanampiana ny ray aman-dreniny ihany koa izy.

Joseph kosa dia mivarotra bengy in-2 isan-taona ka isaky ny mivarotra ny biby fiompiny izy dia mahazo 300 000 Ariary. Rehefa avy manefa ny saran'ny mpitsabo biby, ny sakafom-biby sy ny fikarakarana madinika izy, dia afaka mametraka vola tahiry 60 000 Ariary ao anatin'ny kaontiny.

Hangataho ny mpandray anjara hijery ny fisy lehibe efa voaomana hametrahana ireo tarehy marika rehetra :

| Ny fidiram-bola sy ny fandaniana'ny tokantranon'i Rosia (Ariary) | | | | |
|---|---|---|---|---|
| | Rosia | Adama | Joseph | Totaly |
| Fidiram-bola isam-bolana | 180 000 | 200 000 | 500 000 (300 000/G) | 430 000 |
| Fandaniana isam-bolana | 160 000 | 170 000 | 40 000 | 370 000 |
| Vola ambim-bava | 20 000 | 30 000 | 10 000 (60 000/G) | 60 000 |

Hamporisiho ny mpandray anjara hanampy ny mampiofana hametraka ny fisy ho hitan'ny rehetra. Toy izao ny valiny andrasana.

Rosia sy Joseph dia mikasa hindrana vola 300 000 Ariary ka 3% ny tahan'ny zanabola, ary 6 volana no fe-potoana hamerenana ny vola.
Ny famerenanm-bola vaovao tsy maintsy atao isam-bolana dia 60 000 Ariary. Inona no toro-hevitra omentsika azy mivady?
Rehefa nokajiana ny ambim-bava isam-bolana, ny tokantranon'i Rosia dia afaka mamerina famerenam-bola hafa indray mitentina 60 000 ariary. Fa inona kosa no mila tandremana ? Valin-teny : raha mampiasa ny vola ambim-bava rehetra izy mivady dia tsy hisy tahiry intsony ; tsy maintsy mindrana vola amin'i Adama indray, raha misy adidy tsy maintsy ho atao amin'ny fianakaviana; ho teritery ny fiainan-tokantrano satria tsy misy ambim-bava intsony. Vitsy ny fidiram-bolan'i Joseph satria in-2 isan-taona nefa isaky ny faran'ny volana dia misy famerenam-bola tsy maintsy hefaina.

Inona no afaka ataon-dry Rosia sy Joseph ?
Miandry ho tafaverina daholo ny findramam-bola nataon'i Rosia sy Adama. Avy eo dia mifanampy amin'ny ny vola tahiry tao anatin'ny kaontin'i Joseph ny vola azon'i Rosia mba hividianana ilay vata fampagatsiahana vaovao.

Raha tsy tian-dry zareo ho banga ilay vola efa vita tahiry anaty kaonty, afaka miandry ny fotoana manaraka indray dia manao findramam-bola fa kelikely kokoa noho ny noheritreretiny tamin'ny voalohany.

Hazavao ity manaraka :

**Ny tokantrano rehetra dia afaka manapa-kevitra mindram-bola rehefa avy namantatra sy nikajy ny fidiram-bolany sy ny fandaniany. Fa misy fepetra iray izay mety hanampy antsika mpandray anjara rehetra dia ny fetran'ny 20%.**
**Ny fetran'ny 20% dia midika hoe tsy tokony mihoatra ny 20% ny fidiram-bola isam-bolana na isan-telo volana ny famerenam-bola tsy maintsy hefaina isam-bolana na isaky ny telo volana.**

Raha ohatra ka 100 000 Ariary ny fidiram-bolan'ny tokantrano iray ao anatin'ny 1 volana, dia tsy tokony hihoatra ny 20 000 Ariary ny famerenam-bola ataony (100 000 Ariary x 20% = 20 000 ariary).

**Tsara ho fantatra : Arakaraky ny faritra misy antsika sy ny banky na mikrofinansa mifandray akaiky amintsika, fa matetika io taha fetran'ny famerenam-bola azo atao dia manelanelana ny 20% sy 33% na 1/3).**

Lazao amin'ny mpandray anjara :

Raha mampiasa an'io fetran'ny famerenam-bola io isika, 20%, andeha ho fantarintsika sy kajiantsika raha afaka mindram-bola 300 000 Ariary i Rosia sy Joseph.

Efa fantatsika fa efa manao famerenam-bola i Rosia, 10 000 Ariary ho hefainy isam-bolana. Ny zanany Adama indray dia manana famerenam-bola tsy maintsy hefaina mitotaly 20 000 Ariary isam-bolana.

Ny findramam-bola vaovao dia haverina isam-bolana ka 60 000 Ariary io famerenam- bola io.

» Ohatrinona ny totalin'ny famerenam-bola rehetra isam-bolana? [90 000 Ariary]

» Ohatrinona ny totalin'ny famerenam-bola rehetra isam-bolana? [90 000 Ariary]

» Ohatrinona ny 20% ny fidiram-bolany isam-bolana?
[86 000 Ariary]

» Tokony mahazaka io findramam-bola vaovao io ve i Rosia sy Joseph?

» Inona no olana raha atao famerenam-bola daholo ny ambim-bava rehetra misy ao an-tokantrano ?

## 2. Mikajy ny fidiram-bola ary ny fandaniana mba ahafahan'ny tokantrano iray mahalala hoe ohatrinona ny trosa azony atao

Zarao amin'ny mpandray anjara ny taratasy sy fafana ahafahana mamantatra sy mikajy ny vola miditra sy ny fandaniana.

Rehefa avy nojerentsika ny tokantranon'i Rosia sy Joseph, dia anjarantsika indray ny mikajy izany ho an'ny tokantrano misy antsika.

Raha misy mpivady manatrika ny fiofanana, dia miara-manao ity fanazarana ity izy mivady.

Raha misy mbola tsy miaraka amin'ny vadiny na mandeha irery, afaka miaraka mivondrona tsiroaroa na tsitelotelo manao fanazarana.

Samia mamantatra ny fidiram-bolany sy ny fandaniana, ny ambim-bava ary atao mazava tsara ny famerenam-bola raha toa ka misy izany. Avy eo samia mikajy ny 20% ny fidiram-bola.

Omeo 15 minitra ny mpandray anjara manao an'io fanazarana io. Jereo ireo mpandray anjara manao kajy ary omeo fanampiana ireo raha toa ka misy tsy mazava tsara.

Hangataho ireo mpandray anjara efa nahavita mialoha mba hizara ny valiny nosoratany teo. Isaky ny vita ny fizarana ataon'ny solontenan'ny mpandray anjara, dia hanontanio azy ity :

» Raha mbola misy famerenam-bola ataonao, inona no paikady ataonao mba hamerenana io famerenam-bola io ? Misy tahiry fanampiny ve ataonao isan-kerinandro na isam-bolana?

## 3. Mifanakalo sy mifanome torohevitra mikasika ny fetran'ny trosa azon'ny olona iray atao

Hangataho ny mpandray anjara hizara vondrona misy olona 4 na 5.

Fantatsika fa misy namantsika na havantsika manana trosa maro loatra, ka mavesatra ny famerenam-bola tsy maintsy ataony. Misy toro-hevitra ve azontsika omena azy ireo?

Omeo 5 minitra ny vondrona tsirairay hifanakalo hevitra. Hangataho ireo mpandray anjara efa nahavita mialoha mba hizara ny toro-hevitra hitany teo.

**Toro-hevitra amin'ny findramam-bola**

- **Aza atao sakana tsy ahafahanao manefa ny fandaniana andavan'andro (toy ny sakafo, saram-pianaran'ny ankizy, hofan-trano, jiro, sns.) ny famerenam-bola !**
- **Araho maso akaiky ny vola atao famerenana.**
- **Ny findramam-bola hefaina isam-bolana dia tsy tokony mihoatra ny 20% ny fidiram-bola.**
- **Aza maika manao findramam-bola raha fividianana entana sy kojakoja tsy mampidi-bola.**
- **Manaova paikady tsara vao manao findramam-bola.**

# FIZARANA 4




## Lohahevitra Tolotra ara-bola 1

## TOLOTRA SY FILÀNA ARA-BOLA

## Tanjona

Aorian'ity taranja ity, ny mpandray anjara dia afaka :

1. Mahavita mamerina sy mitanisa ireo lisitry ny tolotra ara-bola eny amin'ny ivo-toerana akaiky azy
2. Mampifandray ireo filàna sy tolotra ara-bola misy
3. Afaka manazava ireo safidiny mahakasika ny tolotra ara-bola azony ampiasaina mifanaraka amin'ireo filàny.

## Faharetany

50 minitra

## Fiomanana / Fitaovana

- Dingana 1 :
  >> Fisy misy ny filàna ara-bola
  >> Fisy famaritana ny tolotra ara-bola
- Dingana 2 :
  >> Fisy vaovao hametrahana ny filàna sy ny tolotra ara-bola misy
  >> Fisy fomba fampiasana ireo tolotra ara-bola
- Penina fanortana
- Taratasy lehibe fanoratana.

## Fampiofanana

1. Fantaro sy fehezo ny tolotra ara-bola eny amin'ny ivo-toerana manakaiky anareo (20 minitra)
2. Ampifandraiso ireo filàna sy tolotra ara-bola misy (20 minitra)
3. Ahoana no fomba fampiasa ireo tolotra ara-bola ireo amin'ny tena tombotsoa (10 minitra).

## 1. Fantaro misimisy kokoa sy fehezo ireo tolotra ara-bola misy eny amin'ny ivo-toerana manakaiky anareo

Diniho miaraka amin'ny mpandray anjara hoe iza avy ireo banky na mikrofinansy na orinasa mpikirakira vola tena malaza ary fantany fa misy eo amin'ny Faritra misy azy. Soraty ireo valin-teny. Aorian'izay dia lazao ity :
Tadidinareo tsara ve ireo mampiavaka ireo banky sy mikrofinansy sy mpikirakira vola ? Mba tanisao hoe inona daholo ireo tolotra misy ao aminy ? Ohatra hoe : misy fampindramam-bola ve ? Ho an'iza manokana ? Inona tsara no anarana famantarana omen-dry zareo an'io fampidramam-bola manokana io ?

Zarao ho vondrona miisa 4 ny mpandray anjara. Samy omena fisy maromaro ny vondrona iray.
Hazavao : Soraty isaky ny fisy ny ohatra tolotra ara-bola fantatrareo. Isaky ny misy faha-samihafana, dia ataovy fisy roa miavaka.

Rehefa samy nahafeno fisy maromaro ny vondrona tsirairay, dia asaivo mametraka ny fisiny ny vondrona miampy fanazavana mifanaraka amin'ireo valin-teny efa nosoratana mialoha. Raha misy fitoviana dia hapetraka mifanakaiky ny fisin'ny vondrona rehetra mitovy.

Jereo miaraka amin'ireo vondrona rehetra ny filaharan'ny fisy. Inona no anton'ny nametrahana fisy mifanakaiky ? Misy tokony hiova toerana ve ireo fisy ireo ? Avelao ny mpandray anjara hiady hevitra tsara.

Aorian'izay, asehoy ity fafana lehibe misy ny famaritana ireo tolotra ara-bola ary hazavao milamina tsara.

Mandritry ny fanazavana dia ataovy ohatra ireo fisy nosoratan'ny vondrona teo aloha. Raha misy fanontaniana dia raiso ary hateveno amina ohatra hafa mety tsy nolazaina tao anaty fisy.

## Famaritana ireo tolotra ara-bola

**Findramam-bola**

Miankina amin'ny antony ilàna azy sy ny mpindrana. Ireo lafiny ireo no mamaritra ny fepetra mifehy ny findramam-bola.

**Fiantohana**

Ny mpanjifa na mpahazo tombontsoa dia mandoa latsa-kemboka isaky ny fe-potoana hifanarahana mba hahafahan'ny mpiantoka azy miaro sy manome onitra raha tra-boina na tra-doza iray ilay mpanjifa

Karazana fiantohana :

- Lozam-pitaterana na lozam-pifamohivohizana
- Loza ara-boajanahary
- Aretina, fitsaboana, fahafatesana

## Famaritana ireo tolotra ara-bola

Kaonty fikirakira

Kaonty natao hikirakirana vola amin'ny fiainanana andavan'andro : fandrotsaham-bola sy famoaham-bola

Fandefasam-bola sy fandoavam-bola

Fandefasana vola ho an'olon-kafa
Fandraisana vola avy amin'olon-kafa
Fandoavana faktiora, na hetra, na latsa-kemboka.

## 2. Hampifandraiso ireo filàna ara-bola sy ireo tolotra ara-bola misy

Asehoy ity fafana lehibe ity mialohan'ny dinidinika ho atao :

| | | |
|---|---|---|
| Findramam-bola fanatsarana trano | Fanavaozana tafo fanitso | FIvidianana tany |
| Tahiry maharitra | Aretina manjo | Mariazy |
| Findramam-bola fananganana na fanatevenana tetikasa | Fividianana milina fitotoam-bary | |
| Karine fitana an-tsoratra ny tahiry | Saram-pianarana | |
| Kaonty fikirakira | Kojakojan-tokantrano | |
| Fandefasam-bola sy fandoavam-bola | Hetran-trano | |

» Inona no mahatonga anareo mihevitra fa mifandray ny tolotra ara-bola sy ny filàna ara-bola?

**Fomba fampiasa ireo tolotra ara-bola misy**

| **Tolotra ara-bola** | **Tahiry** | **Findramam-bola** | **Fiantohana** | **Kaonty fikirakira** | **Fandefasam-bola sy fandoavam-bola** |
|---|---|---|---|---|---|
| Fomba fampiasana azy ⇨ | ▪ Mariazy<br>▪ Hetsika VOAMAMI<br>▪ Tampoka : aretina, fahafatesana<br>▪ Lanonam-pianakaviana samihafa<br>▪ Saram-pianaran'ny ankizy | ▪ Vola hananganana tetikasa<br>▪ Fitaovana : sarety, sompitra, kibota, sns.<br>▪ Trano na tokontany<br>▪ Fananganana trano | ▪ Ara-tsosialy : fitsinjovana ny fiterahana<br>▪ Fitsaboana<br>▪ Fahafatesana<br>▪ Loza fahaverezana<br>▪ Loza ara-boajanahary : cyclone, tondra-drano, horohoron-tany | ▪ Vola kojakojan-tokantrano : hofan-trano, tsena, akanjo, saram-pandehanana<br>▪ Kaonty fidiran'ny karama na fisotroan-dronono | ▪ Fandefasam-bola mankany amin'ny havana<br>▪ Fandefasam-bola mankany amin'ny zanaka<br>▪ Fandraisam-bola<br>▪ Fandoavana ny saran'ny JIRAMA<br>▪ Fandoavan-ketra |

## 3. Ahoana no fomba fampiasa ireo tolotra ara-bola ireo amin'ny tena tombotsoany

Lazao ny hoe :

» Ahoana no fomba tena ahafahana miara-miasa miaraka amin'ny banky na mikrofinansy?

Avelao manome ny heviny ny mpandray anjara, ary fintino ireo hevitra tena tsara.

Omeo fisaorana ny mpandray anjara tamin'ny fandraisany anjara rehetra.

